# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Jona 2018

**11** **Alatsinainy**
jona

**Any am-paran'ny tany no hiantsoako Anao, raha reraka ny foko ; ento aho ho any amin'ny vatolampy izay avo ka tsy tratrako.** Salamo 61. 2

**Andriamanitra tokoa no iantombenan'ny fanahiko ; ... Izy tokoa no vatolampiko sy famonjena ahy ... ka tsy hangozohozo loatra aho.** Salamo 62. 1, 6

**Kristy, Ilay Vatolampy (1)**

Ny vatolampy dia mampahatsiaro zavatra tsy mihontsona, zavatra mafy. Ampiasain'ny Baiboly matetika ny kisarisarin'ny vatolampy mba hilazana an'Andriamanitra ; koa taomin'ny Baiboly isika hatoky an'Andriamanitra sy hanorina ny fiainantsika miaraka aminy. Izy irery ihany no tsy hay hozongozonina.

— *Ilay Vatolampy tsy hay hozongozonina* : Mosesy dia efa nanoratra hoe : „Maneke ny fahalehibeazan'Andriamanitsika. Ny amin'ny Vatolampy, tanteraka ny asany... Andriamanitra mahatoky Izy" (Deoteronomia 32. 3, 4).

— *Ilay Vatolampy nokapohina* : Raha tany an'efitra ny vahoakany, dia hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy : „Hikapoka ny harambato ianao, ka hisy rano hivoaka avy aminy hosotroin'ny olona" (Eksodosy 17. 6). Io tantara io dia manambara an'i Jesosy Izay nanolotra ny ainy teo amin'ny hazofijaliana ary toy ny „nokapohin'Andriamanitra", nisolo toerana antsika. Avy tamin'ny nahafatesany no irotsahan'ny fitahiana rehetra ho antsika ankehitriny.

— *Ilay Vatolampy itenenana* : Tokony ho niteny tamin'ny vatolampy i Mosesy, mba hanome rano ilay vatolampy : „Mitenena amin'ny vatolampy... dia hampiboiboika ny ranony izy" (Nomery 20. 8). Ankehitriny dia tokony hanatona ny Tompo Jesosy isika ary hiresaka aminy : „Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro" (Jaona 7. 37).

— *Ilay Vatolampy fialofantsika* : Matetika i Davida mpanjaka no niery tany anaty lavabato, arovan'ny vatolampy, rehefa nenjehin'ny fahavalony. Ho antsika ankehitriny koa, Andriamanitra dia te hampahafantatra ny tenany ho toy izany : „Jehovah no harambatoko sy baterỳ fiarovana ho ahy ary Mpamonjy ahy ; Andriamanitro, vatolampy ialofako" (Salamo 18. 2).

Aoka isika hino ny Tompo Jesosy, Izy no Vatolampy. Afaka miantehitra aminy isika, manoloana ny toejavatra rehetra.